## CENI sy mpomba an-dRajoelina

# Namerina ny fandemen-tsaina tamin'ny 2013 indray 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 10 novambra 2018 Laharana 836 Vidiny : 400 Ar


**Asan' ny Apostoly 10:45** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 83), 08 novambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Marc Ravalomanana 2

# Ho Filohan'ny Malagasy rehetra indray



## Araka ny PV eo am-pelatanany 4

# Zon'ny kandida ny manome vokatra



### KOLONELY FAUSTIN ANDRIAMBAHOAKA 3

**Mandiso ny vaovao navoakan' ireo fahitalavitra zatra mpanely vaovao diso**



### Toetrandro 6

**Mihena ny tanjak'ilay rivodoza Alcide**

### Haintrano tao Anosibe 5

**Nitondra ny voatsirambin' ny tanana ny CUA**

### Pr Harimalala Joseph 4

**Nifaly tamin'ny tsy fahamarinana Rajoelina sy ny Mapar**

### Daka kely

Tsy ho ela dia ho tapaka ny lalan-dràn'ialahy ry Boaikely a !

### Facebook 3

**Tsy azo sarontsaronana toy ny tamin'ny 2009 intsony ny marina**



KELY SISA

## Ho Filohan'ny Malagasy rehetra indray Ravalo

Raha ny fijery ny voka-pifidianana hatramin'izao dia mandresy Ravalo, ao amin'ny QG-ny dia efa mitarika izy, matoa ny ekipan-dRajoelina manomboka manaratsy sy manenjika an-dRavalo dia efa ho resy koa izy izay. Io fandresen'I Dada dia tsy eto Antananarivo sy ny manodidina ihany fa manerana ny Nosy mihitsy. Mety mandresy Rajoelina sy Rajaonarimampianina amin'ny toerana samihafa, fa amin'ny ankapobeny dia I Dada indray no ho filohan'ny Malagasy rehetra, ary mendrika azy izany. Filohanr'ny zaza izy, filohan'ny tanora, filohan'ny olon-dehibe, filohan'ny ray aman-dreny ihany koa… Voizin'ny 13 mafy mihitsy ny hoe Antananarivo sy ny manodidina ary Antsirabe ihany no tena nandany ny laharana.25. Lainga izany, fa araka ny vokatra vonjimaika etsy amin'ny QG-n'ny Tiako i Madagasikara amin'izao fotoana izao dia mitarika ny laharana.25 amin'ireto faritra ireto :



-Menabe
-Vatovavy fitovinany
-Amoron'i Mania
-Alaotra mangoro
-Marovoay (Boegny)
-Ambato- Boeny
-Tsaratanana (Betsiboka)
-Fandriana (Amoron'i Mania)
-Ambositra (Amoron'i Mania)
-Ambatofinandrahana (Amoron'i Mania), sy ny maro hafa…

Miharihary fa lalaovin' ireo mpanohana ny kandidà laharana13 ny tarehimarika amin'isam-bato azony ka anasàna atidoha ny vahoaka Malagasy izay ataon'izy ireo ho bado mandrakariva. Tsy azo raisina ho fanetriben'ny firenena ve ny olona manana saina toy izany? Tsikaritra fa ireo tanàn-dehibe eto amin' ny firenena no isam-bato lalaovin'izy ireo amin' izao fotoana izao, ary ny eto Antananarivo odiana arirara. Tsy toe-tsaina ratsy ve izany? Izany ve no olona mihevitra hitondra ny firenena? Ho very lahy ity firenena ity raha sanatriavina tonga izany. Vao aty amin'ny fotoana torontoronina dia efa ratsy ny famoronana ka tsy efa fantatra ve ny havoakany eo ? Tsy misy fahagagana eo fa sao dia ho diso hevitra izay manantenana azy. Efa niaraha-nahita ny dimy taona lasan'ny tetezamita sy niempohany nandritra ny efatra taona be izao tany ivelany tany tsy nanasoa firenena sy vahoaka tao anatin'izany, fa nandany ny harem-be azony teto. Fa iza no mbola azo fitahina ao anatin'izany? N'inona n'inona hambara, ho filohan'ny vahoaka Malagasy rehetra na an-drenivohitra na ambanivohitra, izay tena tiany ary arovany, Ravalomanana Marc, ary hanohy ny kinasany tapaka tamin'ny taona 2009.

***Sôh'son***

Me Hanitra Razafimanantsoa

## Tsy mendrika hitondra ny olona mpandrangitra adimpoko

Naneho ny alahelony ny depiote Me Hanitriniaina Razafimanantsoa, filoha lefitry ny Antenimieram-pirenena eto amin'ny faritanin'Antananarivo, momba ny fanehoan-kevitra ataon'ny mpomba ny kandida N°13 mpanongampanjakàna, miseho azy hitondra ny firenena, izay nopotehiny tamin'ny 2009. Fa maninona hoy izy no midina ambany dia ambany sy ratsy fisainana toy izao izy ireo? adimpoko sy firazanana efa nilaozan ny toetrandro sisa no atao hanaratsiana ny kandida N°25 Marc Ravalomanana.



Mibaribary ny tena toetsanareo hoy izy, satria na mainty, na fotsy, na tsobolo, na ngita volo, na tanivo, na tanindrana : samy Malagasy avokoa . Tsy nisy nisafidy ny fihodirana ny olombelona fa asasakasak' izay manava tena sy miava tena. Miara-miasa sy miaina amin'ny henjehanareo ny filoha Marc Ravalomanana hoy Me Hanitra. Izy dia mahafantatra tsara ny toetrany sy ny fitiavany ny malagasy rehetra na avy aiza na iza. Akaiky ny vahoaka sy mahay mitakosina izy, tsy mifidy na mainty, na fotsy, na tanivo, na tanindrana, na madio fitafy, na maloto, na ngita, na tsobolo, na mahantra, na manana. Jereo daholo ny dia nataony e ! jereo ny sary efa an-taonany maro . Mipetraka eto ny fanontaniana , mendrika hitondra ve izany mpanao adimpoko sy mpandrangitra fisaraham-bazana izany? hoy ny depiote Me Hanitra R.

***Helisoa***

Rajaonarimampianina sy ny HVM

## Tena naloan'ny vahoaka tanteraka

Toa tsy araka ny niheverana azy ny voka-pifidianana na dia mbola amin' ny ampahany ihany aza. Raha nieritreritra ny maro fa ho anisan'ireo kandidà « favori » hiady ny lohany ary mety mbola hibata ny fandresena amin'ity fifidianana filoham-pirenena ity ny antokon'i Rajaonarimampianina ny HVM dia toa ny mifanohitra tanteraka amin'izany no zavamisy ankehitriny. Raha ny vokatra hita mantsy hatreto dia zara raha nahazo vato tamin'ny mpifidy ity kandida ity raha oharina amin'ireo kandida avy amin'ny antoko lehibe hafa. Porofo izao fa tena nanaraka tanteraka tokoa ny fiainam-pirenena sy ny zavamisy rehetra nandritra ny fitondrana HVM ny Malagasy. Ny fitondrana HVM izay toa tsy nahitana fahombiazana mihitsy nandritra izay 5 taona latsaka izay, fa toa ireo fianakaviana sy ireo namana ary ireo manodidina ny fitondrana ihany no nahita izany fahombiazana izany. Vao nandray ny fitondrana ity kandidan'ny HVM ity dia efa hita taratra fa tsy hahomby mihitsy satria na ny kabary izay nataony voalohany teo amin'ny kianjaben'i Mahamasina aza dia kabary nalain-tahaka tanteraka tamin'ny kabarin'ny filoha Frantsay Nicolas Sarkozy fa dia nadika fotsiny tamin' ny teny malagasy. Teo dia efa nampitondra henatra ho an'ny firenena sy ny vahoaka malagasy ny tenany teo anatrehan'ireo olo-manankaja vahiny maro. Ny fihanianana izay natao ny amin' ny fanatanterana antsakany sy andavany ary am-pamarinana ny andraikitra izay napetraky ny vahoaka taminy toa lasa kobaka am-bava avokoa. Nampanantenainy fa hivaha ao anatin'ny telo volana ny delestazy, tapitra ny fotoam-piasany mbola tsy voavaha. Ny amin'ny fanajàna ny lalàm-panorenana, ireny niaraha-nahita ireny ny nataony, efa saika voaongana teo amin'ny toerany in-droa raha tsy navotan'ny HCC ka izao niafara tamin'ny fanaovana ny fifidianana mialohan'ny fotoana izao. Ny fiainanan'ny vahoaka malagasy izay nitontongana andro aman'alina, ny vidin'entana indrindra ireo ilaina amin'ny fiainana andavanandro izay tsy mitsahatra ny miakatra, tena azo lazaina mihitsy hoe tafalatsaka anaty fahantrana tanteraka. Tsy nisy fijerena ny sosialimbahoaka mihitsy nandritra iny fitondrana HVM iny. Midika izao fa tena tsy azo ampiesonina sy anaovana kobaka ambava intsony ny vahoaka fa tena mahita ary manaraka an-tsakany sy andavany ny ataon'ny mpitondra sy ireo fianakaviany. Fehiny dia azo ambara fa tratran'ny fitsaram-bahoaka tanteraka ity antoko ity ary tsy izy irery ihany fa na ireo izay efa niray petsapetsa taminy tao koa aza. K'aiza k'aiza ry nôm a ! tena tsy mangamanga le sary a ! bye bye.

***Andriam***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

CENI sy mpomba an-dRajoelina

## Namerina ny fandementsaina tamin'ny 2013 indray

Namoaka fepetra mikasika ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) omaly. Mampisaritaka ny sain'ny mpanara-baovao ny fitanisana ny vokatry ny latsabato tontosa ny alarobia 7 novambra teo. Samy manana ny filazany ny tsirairay. Ny afitsoky ny haino amanjery mpomba ny kandidà Andry Rajoelina no tena mahavalalanina. Mamerina indray ny fomba fiady taorian'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa tamin'ny desambra 2013 izy ireo. Ny dokotera Jean-Louis Robinson sy i Hery Rajaonarimampianina no mpifaninana tamin'izay. Notohanan'ny filoha Marc Ravalomanana izay tratry ny sesitany tatsy Afrika Atsimo iry voalohany. Nanohana mivantana ny faharoa kosa ny filohan'ny Tetezamita Andry Rajoelina. Nitarika hatrany ny kandidà notohanan'ny filohan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) sy ny mpanaradia azy tamin'ny fihodinana voalohany. Zendana anefa ny maro fa lasa nitsimbadika tampoka teo ny vokatra tamin'ny fihodinana faharoa. Nampiseho fa nitarika hatrany amboalohany ny kandidà Hery Rajaonarimampianina ny isam-bato novakiana tao amin'ny haino amanjerim-panjakana, salanisa ankapobeny. Vaky ihany anefa ny resaka taty aoriana. Nahazo baiko sy teny midina ny mpiasan'ny RNM sy ny TVM mba tsy hamaky mihitsy ny vokatra mampiseho ny fandresen'ny dokotera Jean-Louis Robinson. Izay fomba izay no nentina nanomanana ny sain'ny mpifidy azy fa efa hatrany amboalohany ka hatramin'ny farany izy no resy nandritra ny fihodinana faharoa. Na tsy tena izay fomba izay aza no niseho tamin'ity taona ity dia tsy nanalavitra izay ny paika nampiharina. Mitarika i Andry Rajoelina araka ny vokatra vonjimaika avoakan'ny Vaomieram-pirenena misahana ny fifidianana CENI. Manasongadina izany ihany koa ny an'ny ekipan-dRajoelina sy ny hainoamanjery mpanohana azy. Etsy an-kilany, ny foiben-toeran'ny Komity mpanohana an'i Marc Ravalomanana (KMMR) dia mampiseho fa mitarika hatrany ny kandidà faha-25, araka ny salanisa ankapobeny araka ny vokatra voaangona hatramin'ny omaly hariva. Mitarika hatrany ny kandidà Marc Ravalomanana ary mety ho tafavoaka fihodinana voalohany na 1er tour de vita aza izy amin'izany. Na izany na tsy izany, ny vokatra havoakan'ny HCC irery ihany no hamaritra ny tohin'ny tantara.

***Ny Valosoa***

CENI

## Miantso ny olom-pirenena hiandry am-pitoniana ny voka-pifidianana

Manoloana ny ahiahy isan-karazany eo am-piandrasana ny vokatra vonjy maika tsy ofisialy, avy amin'ny CENI, na ny Vaomkieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana dia misy ny fanambarana nataon'ny filohany Hery Rakotomanana. Eo am-panangonana ireo voka-pifidianana avy amin'ireo biraom-pifidianana manerana ny nosy, mba hamoahany voka-pifidianana azo antoka sy voamarina hoy izy, ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana dia miasa andro aman'alina ary miantso ny olompirenena hiandry am-pitoniana tanteraka ny vokatra. Misy andian'olona manararaotra izao fotoana izao hamafazana vaovao tsy marina sy tsaho isankarazany. Aoka isika olom-pirenena araka izany ho mailo manoloana ireo vaovao diso miely mandritra izao fotoana hamaritana ny hoavin'ny firenena izao. Madagasikara no aoka ho banjinina alohan'ny hinoana sy hanaparitahana karazam-baovao mifono fihantsiana isankarazany. Ny CENI dia manantitra hatrany fa tsy miandany na amin'ny fanjakana na amin'ireo kandidà, andrimpanjakana manana ny fahaleovantenany sy ny tsy fiandaniany na amin'iza na amin'iza izy.

***Nangonin'Isambilo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Safidy : ny nenina tsy ao aloha hananatra fa aoriana handatsa…

Samy mamoaka vokatra araka izay hitiavany azy ny haino aman-jery rehetra ny Alakamisy lasa teo ka betsaka ny miroharoha saina sy miady hevitra etsy sy eroa ka misy mihitsy aza ny kivy. Tsy maintsy hay anefa ny manavaka ny ratsy sy ny tsara satria ny voany ihany no hahafantarana ny hazo. Tsy maintsy fantarina ihany koa ny fitongilanana sy ny fironan'ny fahitalavitra sy ny onjampeo ary ny gazety an-tsoratra satria izay no hiaingana amin'ny famakafakana hatao rehetra. Tsy maintsy ao an-tsaina mandrakariva koa ny olona sy ny antokon'olona mpanao bontolo sy amboletra teto amin'ny Firenena nanomboka ny fiandohan'ny taona 2009. Tsapa tamin'ny andro nanatanterahana sy iray andro taorian'ny fifidianana ho filoham-pirenena dia mampiasa ny fomba sy tetika rehetra entina handemen-tsaina sy hanehoana mialohan'ny fotoana fa resy lahatra amin'ireny toky fitaka sy ny matoritoria fa hanaterako hena ireny ny vahoaka Malagasy efa mahay mandinika sy afaka manao jeritodika ny toe-draharaham-pirenena ary mahatsapa ny fitotongan'ny fari-piainany tao anatin'ny folo taona latsaka kely. Raha ny voka-pifidianana nivoaka tamin'ireo haino aman-jery isan-karazany sy ny vaomiera manokana mahaleotena momba ny fifidianana (CENI) ary ireo tambazotran-tserasera omaly dia mifanipaka avokoa. Tsy azo lavina koa anefa fa tsy vitsy ireo gasy mbola jamban'ny patsa indray mahandro sy tsy mahatsinjo ny vody andro merika ka hifika ny taolambe tsy mitapaka mandritra ny taona maromaro raha sanatria ka lany eo ny nanolotolotra azy izany. Tsy azo sainina tokoa mantsy ny hahafahan'ny olona mipetraka eny amin'ny trano sôlefana sy plastika sy ny mpitsindroka fako ary ny mpitrongy vao homana amin'ny trano mijoalajoala (buildings) sady hihinana sakafo mahavoky in-telo isan'andro sy hitafy madio toy ny kandidà nampanonofy azy izany na hizarany tany amam-polony hekitara maimaimpoana aza. Miakanjo vaovao midorehitra aloha mandritra ny fotoana voafetra fa hitafy gony indray rehefa kokan'ny orana sy ny masoandro izany. Mety voafitaka sy sodokan'ny mena miraviravy omaly kanefa ny tanety lava, hono, misy hisainana ary tsy hanao adala nomen-tànan'ondry ka na soloina hofany aza tsy hanaiky. Izay mahay mandray lesona tamin'ny fitantanana tsy nitondra fivoarana sy nampikoroso fahana ny fiainany sy nampiraoka ny hahitra azy dia hanova famindra ka hizotra amin'ny làlana mazava ary tsy ho tratry ny vela-pandrika intsony. Raha nanarin-tsy zaka ianao, tsetsetra no an'ny olona, fa tsitsitra kosa no ho anao. Ny mpanohana na ny mpampandresy ny kandidà Ravalomanana Marc kosa, tsy hangovitra sy hitaintaina amin'ny vokatra havoakan'ny haino aman-jery isan-karazany ary tsy handrarak'ilo mby an-doha satria na inona na inona fandemen-tsaina sy don-tandroka atao etsy sy eroa dia mino fa handresy ary tsy maintsy hiaro ny safidiny hatramin'ny farany ka azo inoana fa tsy hanaiky ny tsy fahamarinana rehetra mety hivoaka. Koa raha hisy ny rony dia hiaraka hisotro izy ireo, ary raha hisy ny ventiny dia hiaraka hitsako ihany koa. Azo lazaina fa manaraka ny teknolojia vaovao ny fitaovana entin'ny ao amin'ny Foiben'ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana mikirakira ny voka-pifidianana ka azo antoka tsara ny vokatra havoakany araka ny fahitan'ny solontenan'ny vondrona iraisam-pirenena manara-maso ny fifidianana omaly. Na izany na tsy izany dia tsy maintsy hisy foana ny hamoaka antontan'isa tsy marim-pototra entina hanakorontanana ny saim-bahoaka ka tsy maintsy mitandrina foana amin'izay rehetra hatao satria ny mahery tsy maody, hono, tsy ela velona. Iaraha-mahita ny antso haparitak'ireo zatra mandroba sy mandoro, any amin'ny tambazotra FB, mitarika ny zanak'i Dada handoro ny Viva, hono. Soa fa nofoanana ilay fikasan'ny kandidà Ravalomanana Marc hisaotra ny Malagasy anio raha tsy izany dia ho hararaotin'ny tànana zatra mampirehitr'afo ka hamerenany ny nataony tamin'ny 26 Janoary 2009 indray. I Dada sy ny Zanak'i Dada dia mpanangana sy mpanorina, fa tsy mpandrava sy mpandoro…

***Andry Tsiavalona***

KOLONELY FAUSTIN ANDRIAMBAHOAKA

# Mandiso ny vaovao navoakan'ireo fahitalavitra zatra mpanely vaovao diso

Nanamafy ny talen'ny fampielezan-kevitra Analamangan'ny kandidà laharana faha-25 Marc Ravalomanana dia ny kolonely Faustin Andriambahoaka, fa diso ny voka-pifidianana tao amin'ny boriboritany faha-5, navoakan'ny haino aman-jery tsy miankina iray omaly hariva. Mety hampisavorovoro saimbahoaka izany ka ilaina haTrany ny fandanjalanjana sy fanaporofoana ary ny tsy fitongilanana manoloana ny famoahana ny voka-pifidianana toa ireny hoy izy, nandritra ny tafa nataony teny Bel'Air omaly. Raha ny nambarany hatrany dia harifomba ny fitaovana anangonana ny vokatra ao amin'ny QG KMMR Bel'air Ampandrana, ny CENI sy ny HCC ihany no aoka ho tompon'ny teny farany amin'ny safidimbahoaka. Nanentana ny vahoaka ho tony sy hiandry ny vokatra feno havoaky ny HCC ny KMMR, izay nosoloin'ny talen'ny fampielezan-kevitra Analamanga tena.



***Ny talen'ny fampielezan-kevitra Analamanga, kolonely Faustin Andriambahoaka.***

***Serge***

Tontolo politika eto Madagasikara

# Manana ny heviny ny fitsaram-bahoaka tsy hita maso

Tsy ny hita maso ihany no fisehon'ny fitsarambahoaka fa ny tsy hita maso ihany koa. Maneho izany ny zava-misy ankehitriny eo amin'ny fironan'ny voka-pifidianan'ny safidim-bahoaka amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Iarahan'ny rehetra mahita sy manaraka tsara ny isambato azon'ireo kandidà miisa 36 nifaninana amin'izao fotoana izao. Maro amin'izy ireo no niharan'izay fitsaram-bahoaka izay ary na tsy hita mivantana sy tsy re aza dia heverina fa maro tamin'izy ireo no nandraingiraingy tanteraka. Misy mihevitra fa rehefa ahodinkodina sy sasàna atidoha ny vahoaka dia hiova hevitra sy toe-tsaina ka azony tarihina, ka amin'izay mahamety azy ny didim-pitsaran'ny vahoaka. Taloha izany ary manomboka efa lany andro. Tsy « puce » no ilaina atao amin'ireo fa mila « formater »-na mihitsy ny sainy aloha mba tsy hijanona tany amin'ny taona 2009 ny fomba fisainany, fa nanapotika firenena sy nampahantra lalina ny vahoaka Malagasy izany… Miova ny fomba fisainana sy fijerin'ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao. Tsy tokony hitondra firenena velively izay mbola mihevi-tena sy manana eritreritra ho bado ny vahoaka ka azo amidy amin'ny resabe mampandry adrisa fanao hatramin'izay. Mbola manana ny heviny ihany koa ao anatin'izany ny vahoaka izay nangina hatrany hatramin'izay, ary misy aza ampahana olom-pirenena mbola nangina hatreto kanefa manana ny fijeriny tsara ihany koa ireo manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena. Inoana marimarina, fa tsy hiahotra intsony ireo haneho ny heviny manomboka izao.

***Sôh'son***


## NY TENY FIAINANA

*Apokalypsy 21:23*

*Ary ny tanàna tsy mba mila ny masoandro na ny volana hamirapiratra aminy; fa ny voninahitr'Andriamanitra no nanazava azy, ary ny Zanak'ondry no fanazavana azy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Tsy azo sarontsaronana toy ny nataon-dry TGV hatramin'ny 2009 intsony ny marina




**Tambanivohitra Johan Leboy :** tonga nifidy ny omby tao anaty Tramway sy ny vahoaka avy any Miami tao anaty 4 x 4 milomano, hihihiiii! Tena miredirediy ireo orange, Dada no ho lany 1er tour fa tsy izy mihitsy, tsy tafavoaka eo intsony ny halatra sy ny fitaka ataony, tsy toy ny tamin'ny 2009 intsony izao ka ho saronana ny marina.

**Vony Tantely :** izao ve no vokatra misy, tena mpangalatra mitsy ireo.

**Miadana Reginah Reg :** ts mahagag ny fitaka sy lainga nataon'ireo hatramin'ny 2009. Dada N°25 ihany e!

**Tombo Sandrollah :** kkkkkkkk ataovy sérieux koa ty halabato mikarararahana ity eh! hihihihi mafy zany te ho filoham-pirenena zany lehiretsy aa, rehefa lany volabe ve ry Domelina dia hatao amboletra ny haha-filohampirenena, tsy ho tafavoaka eon y TGV izany: 2018 izao fa tsy 2009 intsony.

**Hugh Randria :** mahay ry zalah ka,tena hita fa efa vonona hangala-bato, Tv+ io sa Viva? Lasitra iray ihany mantsy ireo, tena TV ny mpanongam-panjakana: mpandoro sy mpandroba.

**Espoir De l'Amour :** ary tena mangalatra be izy zan an!!!!!! efa negatif be ts mitombina tsony ary lay isa hita io.

**Lahdy Elia'n Rahrnrn :** fa n mpifid ndray no betsaka noho le n fidina, c pa normal, tratra ry foza pangalatra b ankitsirano zao, ho hita daholo n fikany eh!

**Navalona Ramiara :** tena miharihary bé ny halabato ataon'ny TGV sy ny CENI fa ts io rery ihany eeee!!

## TONONKALO

### Izy 36

Ny telopolo tamin`ireo dia efa fantatra avy hatrany
Fa ny te hisehoseho sy ny mpandoto rano ihany.
Fantany izy fa tsy ho lany saingy mba nijoro aloha,
Fa voninahi-dehibe ilay MBA NIROTSAKA HO FILOHA !

Ny telopolo tamin`ireo dia zava-kafa no kendreny:
(Tombontsoa ho azy irery fa tsy ho an`ny fireneny)!
Misy ny fahalalahana saingy mampisento ihany
Ny mijery sy mahita mamba noana zavontany !

Ny telopolo tamin`ireo dia hafa ny azy no imasoany:
(Ny hizarazara vato , izay no tena nijoroany)!
Na ny "vola antoka" aza, nisy hono ireo tsy nanana ,
Saingy re fa hoe nisambotra namenoana izay an-tanana.

Ny telopolo tamin`ireo dia ny "tsy misy kalitao".
(Raharaham-pirenena dia ataony kilalao ) !
Tsy vitsy taminy no hita ho tena "kandida anarany",
Saingy mba nanararaotra hijorojoro faramparany !

Ny telopolo tamin`ireo dia asa izay mba antenainy.
Niandry ny "fahagagana" , ilay voambolana mba hainy ?
Impiry anefa ry zalahy no efa diso faminany,
Saingy indrisy fa dia io , mirotsaka , tsy kivy ihany !

***DADAN`i ZINA (09-11-18)***

HAINO AMAN-JERY MANOHANA AN-DRAJOELINA

## Tsy hery fa tahotra ny fitabatabany sy fanaratsiany ny hafa

Ho an'ny mpanadihady maro, misy tahotra mafy manjaka ao amin'ireo haino aman-jery sy gazety manohana sy miara-dia amin'ny kandidà Rajoelina Andry vao tapitra ny fanisam-bato ary niditra tamin'ny fanisana. Tsy hery fa tahotra ny fitabatabana nataon'izy ireo ho hivoaka ho mpandresy amin'izao fifidianana ho filoham-pirenena izao. Tsapa mazava tsara izany ho an'ny mpandinika. Ary nahasorena ny mpihaino maro ny nandre ny fanaratsiana nataon'izy ireo tamin'i Marc Ravalomanana, izay tena miharihary tsotra izao ny tahotra sy ny fanahiany azy handresy ny olona tohanany. Ho an'ny olona sasany aza dia tena fandranitana tsotra izao ny vahoaka no ataon'izy ireo, mihoa-pefy ka tsy mahafehy intsony ny mahampanao gazety azy. Tsy mpanao gazety intsony ireo fa efa nivadika ho sokajin'olon-kafa ny tokony hamaritana azy, hoy ny tezitra. Tsy atao ho mahagaga anefa izany satria efa fanaony ihany taloha: 9 sy 10 taona lasa izay. Ny vahoaka efa hita mazava ny fihamatorany ankehitriny miatrika ny resaka politika mifono tetika maizina sy maloto ka tsy voasasa ati-doha toy ny tamin'ny andro lasa izany sy tsy ho voafitaka intsony. Raha mbola mitohy anefa izany fihetsika tsy mendrika loatra izany dia andrasana ny fandraisana fepetra amin'izay mipetraka ho an'ny manam-pahefana sy tompon'andraikitra eto amin'ny firenena, fa tsy hitazam-potsiny intsony toy izay nitranga tamin'ny andron'ny fiketrehana fanonganam-panjakana 10 taona lasa izay sy nandritra ny tetezamita.

***Söh'son***

Etazonia

## Miarahaba ny vahoaka Malagasy noho ny fahavitan'ny fifidianana

Niarahaba ny vahoaka Malagasy ny vahoaka Amerikana, noho ny fahavitan'ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany teto amintsika ny alarobia teo. Nanao izany fanambarana izany ny mpiandraiki-draharahan'ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara, Stuart Wilson. Amin'ny anaran' ny vahoaka Amerikana hoy ny fanambarana no hiarahabako anareo vahoaka Malagasy tamin' ny nanatanterahanareo ny adidy amin'ny mahaolompirenena anareo tamin'ny alalan'ny fifidianana ny ho Filoham-pirenenareo vaovao. Tao anatin'ny 150 taona izao no efa niara-dia tamin'i Madagasikara hatrany i Etazonia ho fanohanana ny demokrasia. Nahafaly anay ny nandray anjara tamin'ny fanarahamaso ny fifidianana tsy nahitana fihantsiana na herisetra. Rehefa voafidy ara-dalàna sy mahavita ny fianianany ny Filoha vaovao, dia adidinareo ny mitaky ny tamberinandraikitra avy aminy mba hiantohana ny fanajana ny tany tan-dalàna sy fitondrana tsara tantana. Izahay Amerikana dia hitoetra eo anilanareo Malagasy namanay hatrany ary maneho ny fahavononanay ny mbola hiara-hiasa aminareo ao anatin'ny 150 taona mihoatra manaraka.



*Ny mpiandraiki-draharaha Amerikana, nijery ny fizotry ny fifidianana teto amintsika, tany amin'ny faritra Sava.*

***Isambilo***

Araka ny PV eo am-pelatanany

## Zon'ny kandida ny manome vokatra

Nanao valandresaka tamin'ny mpanao gazety mahakasika ny fizotran' ny famoahana ny vokapifidianana ny komity mpanohana ny kandida Marc Ravalomanana KMMR tao amin'ny foiben-toeran'ny KMMR tao Bel'Air Ampandrana omaly, izay nahitàna ny talen' ny fampielezan-kevitra, Rabenja Tsenoharisoa sy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa. Nanambara ny talen'ny fampielezankevitra Rabenja fa mihemotra ALOHA ny fihaonan'ny kandida Marc Ravalomanana amin'Antananarivo tokony hatao anio, izany dia noho ny resaka fandriampahalemana. Nanambara ihany koa izy fa sahirana ny Malagasy ankehitriny amin'ny fahazoana vokatra avy amin'ny CENI. Hita ao anatin'izany ny fanovàna ny tena vokatra marina. Izay misy ny kandida sasany maharesy no avoaka. Mitarazoka tanteraka ny famoahana vokatra, ao anatin'ny 2 andro nahavitàna ny fifidianana dia biraom-pifidianana 1500 no ahazoana vokatra ; nefa aty amin'ny QG KMMR efa mahatratra 14000. Ny loza dia tsy ahitàna ny antsipirihany ny famoahana ny vokatra fa atao amin'ny ankapobeny fotsiny hoy izy. Noho izany, tokony hihezaka ny CENI mba hisian'ny famoahana ny vokatra ao anatin'ny mangarahara. Ny solombavambahoaka Me Hanitra Razafimanantsoa indray dia nanazava ny fiaraha-miasa amin'ny TVM sy ny RNM. Ny fantatra dia ny RNM sy TVM no mamoaka ny vokatra avy any amin'ny CENI, re anefa fa nisy fizaràna vola tao amin'ity haino amanjerim-panjakàna ity izay niparitaka tamin'ny tambazotran-tserasera ary fantatray ny fisiany sy ny olona nanome ny vola tamin'izany. Taorian' izay dia nangoron'entana teny amin'ny CENI ny mpanao gazetin'ny RNM sy Tvm hoy Me Hanitra Razafimanantsoa. Taorian'izay anefa dia nanao fangatahampanazavàna teny amin' ny TVM, sy ny CENI ary ny PNUD ny kandida Marc Ravalomanana, nahagaga fa taorian'izay dia niverina tany amin'ny CENI indray ny TVM sy ny RNM, koa inona marina no tiana ahatongavana amin'izany hoy Me Hanitra. Namafisin'ity farany tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony fa ny PV avoakan'ny CENI amin'izao dia tsy misy hitarafana ny mandresy sy mpandresy amin'ny fifidianana satria vao ny 6% ny vokatra manerana an'i Madagasikara no voarainy. Mandeha anefa ny resaka fa efa misy kandida iray milaza fa mandresy. Zon'ny kandida tsirairay ny manome vokatra araka ny PV eo ampelataniny fa ny CENI ihany no mamoaka ny vokatra vonjimaika, tsy misy afaka milaza ny kandida amin' izany fa mandresy izy. Koa mampitandrina izahay hoy Me Hanitra amin'ny resaka fikafika maro samihafa amin'ny zavatra tsy mety hilazàna fa mandresy ny kandida iray amin'ny vokatra izay tsy araka ny tokony ho izy. Izahay KMMR hoy Me Hanitra dia miainga amin'ny PV eo am-pelatanana no hikirakiràna ny vokatra, efa nasehonay ny PNUD io fomba fiasanay io hoy izy ary resy lahatra izy ireo.

***Helisoa***

Pr Harimalala Joseph

## Nifaly tamin'ny tsy fahamarinana Rajoelina sy ny Mapar

Tontosa soa amantsara ny fifidianana filoham-pirenena ny alarobia 7 Novambra lasa teo iny. Isaorana Andriamanitra hoy i Pr Harimalala Joseph nahafahan'ny Malagasy tsy vakivolo nanantotosa izany na dia betsaka aza ireo zavatra tsy tomombana sy tsy ara-dalàna niseho nanerana an'i Madagasikara manontolo. Ny mampalahelo anefa ankehitriny hoy ity mpandinika ity na dia navelan'Andriamanitra nanantanteraka ny fifidianana iny aza isika dia zary toa nohararaotin'ny mpanongam-panjakana sy ny taranaka Mapar nibitahana sy nanapoahana "Champagne" sahady izany, kanefa dia mbola vokatry ny tsy fahamarinana tsotra izao no nifaliana, izay voaporofo fa feno halatra sy hosoka. Antso avo araka izany no atao ho an'ny mpikarakara ny fifidianana dia ny CENI izany, mba tsy ho sodokan'ny fanambazana volabe sy ny fita-bitro ataon'ny kandida sasany, izay efa nisora-tena fa lany sy nanao fetibe amin'io voka-pifidianana tsy mbola marina io, sao ho tsarain'ny tantara eo indray ianareo ary ho fototry ny korontana raha sanatria ka hiseho izany, izay avy any amin'ireo misora-tena efa lany ireo ihany nefa izany fanakorontanana izany, ary hihàran'ny fahatezeran'Andriamanitra eo ihany koa. Aza adino mantsy fa ny tenin'ny Tompo dia manambara, araka ny voasoratra ao amin'ny Korintianina voalohany 13:6 manao hoe: "Tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa". Eo anatrehan'izany koa satria adidy masina ny fifidianana izay nataontsika farany teo iny, koa raha hisy ny hisain-dratsy hangala-bato sy hanova ny safidim-bahoaka, nohon'ny fitiavan-tena sy fitiavam-bola ary ny fitiavam-boninahitra, na nohon'ny fitiavany te hanatanteraka tsotra izao ilay faminaniana sandoka, dia aza adino fa tsy hijery fotsiny an'izany Andriamanitra, araka ny voasoratra ao amin'ny Apokalypsia 22: 10-12 manao hoe: "Aza asiana tombo-kasé ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity, fa antomotra ny andro. Izay manao ny tsy marina, aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy, ary izay maloto aoka mbola hihahaloto ihany izy, ary izay marina kosa, aoka mbola hanao izay marina ihany izy, ary izay masina, aoka mbola hiha-masina ihany izy. Indro, avy faingana Aho; ary eto amiko ny famaliana rehetra araka ny asany". Eo anatrehan'izany dia aoka dia aoka hitandrina isika, ary aza manao an'Andriamanitra ho tsy misy sanatria, satria aza adino fa tsy misehoseho foana ireny rambon-danitra nitranga tany Manakara ireny fa ho fampiomanan'Andriamanitra sy fampieritreretana antsika mba tsy hanaovantsika zavatra tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainan-tsika. Koa samia mandinika isika fa efa haneno ny Trompetran'Andriamanitra, araka ny voasoratra ao amin'ny Marka 24:31 manao hoe : "Ary amin'ny ampanenoana mafy trompetra dia haniraka ny anjeliny Izy, ary hangonin'ireo ny olom-boafidy avy amin'ny vazan-tany efatra hatramin'ny faravodilanitra rehetra", izay mitohy ao amin'ny bokin'i Lioka 21:24 manao hoe: "dia ho ringana amin'ny lelan-tsabatra izy ka ho entina ho babon'ny firenena rehetra". Ka ho an'ny kandida efa nilaza fa nandresy dia tsotra ny teniko hoy ity mpandinika ity, dia ny nambaran'ny bokin'i Jaona 3:19 manao hoe: "Ary izao no fanamelohana: fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany." Ka aoka tsy hisy hanamarin-tena sy hirehareha hianareo fa aoka samy handinika ny tokony hatao avokoa!

***Solohery***

Fanamboarana ny RN 43

## Enim-bolana no lasa, mitohy ny asa

Miroso ny fanamboaran-dalana ao amin'ny lalam-pirenena faha 43, RN 43, mampitohy an'i Faratsiho sy Ampetsapetsa-Ambohibary. Lalana mirefy 51 km mampitohy an'i Faratsiho-Ambohibary ary Ampetsapetsa no efa andalam-panamboarana ankehitriny. Raha tsiahivina dia efa niatomboka ny faha 15 ny volana mey lasa teo ity fanamboarana ity, am-perinasa tanteraka amin'izao fotoana ny entreprise SMATP sy ny CRBC na dia hita fa somary misy ihany aza ny fahatarana. Noho izay antony izay indrindra dia tonga teny an-toerana ny tompon'andraikitra voalohany eto anivon'ny Faritra Vakinankartara ny Jeneraly Rakotonarivo William, Lehiben'ny Faritra, niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra maromaro eto Vakinankaratra isan'ireny ny talen'ny fanabeazam-pirenena, ny Talem-paritry ny asa vaventy, ny talem-paritry ny Fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro. Nisy araka izany ny fijerena ifotony ny fizotry ny asa sy ny fivoarany. Hatreto dia mahavelom-bolo ny asa raha ny tatitry ny lehiben'ny Faritra. Ny Ampahany amin'io lalana io dia efa vita ny fanambaniny na ny "Terrasement". Somary tojo olana ihany ireo mpanatanteraka ny asa tamin'ny famakiana ny lalana vaovao. Ny fahavitan'ity lalam-pirenena faha-43 dia hitondra rivo-baovao eo amin'ny fampandrosoana an'i Vakinankaratra. Malalaka tanteraka ny lalana ary tsy hiafihafy ireo mpampiasa ny lalana mahatratra 6m ny sakan'ny lalana, ary manana 1,5m ny mpandeha tongotra amin'ny andaniny roa. Ankoatr'izany dia hisy ny tatadrano amin'ny sisin-dalana.

***Solohery***

## Asan'ny Apostoly 10:45

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 83), 08 novambra 2018

***Asan'ny Apostoly 10:45 "Ary talanjona ny mino isan'ny voafora izay niaraka tamin'i Petera, satria nilatsaka tamin'ny jentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina."***

IZAHO JEHOVAH dia te-hilaza aminareo izay mandre ankehitriny fa hianareo na dia efa mivavaka sy manaraka an'i JESOSY aza dia betsaka ny tsy mbola hainareo sy tsy fantatrareo. Heverinareo fa haitraitra sy fombafomba ny FIVAVAHANA. TSIA! TSIA! TSIA! Tsy fisehosehoana sy fitadiavan-daza sy voninahitra, tsy izany fa fanomanana ny fanahy mba ho tafakatra aty amin'i JESOSY rehefa tonga ny fotoana. Tamin'ny andron'i Petera dia ny mino mihitsy no gaga sy talanjona. Ny atao hoe "mino" dia ireo rehetra mihaino ny teny izay toriana. Ny teny toriana dia ny mombin'i JESOSY. ***Asan'ny Apostoly 10: 42-43*** *"Ary Izy nandidy anay hitory amin'ny olona ka hanambara fa Izy no voatendrin'Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty. Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka."*. Ny Fanahy Masina rehefa miasa dia tsy hitanareo maso fa miasa mangina, ny asany voalohany dia mampiaiky ny olona rehetra fa JESOSY no Mpanjaka. Izay mino izany no atao hoe : MINO na MPINO. Matoa ny olona iray tonga mpino dia asan'ny Fanahy Masina izany fa tsy hala-tahaka velively. Ka raha atao hoe : mpivavaka hianareo : JESOSY Izany no Mpanjakanareo sy Tompoinareo ary Mpamonjinareo. Aza mijoro amin-javatra hafa fa ireo no marina ary izany no tanjoko JEHOVAH aminareo. Raha azonao tsara ny tiako JEHOVAH hambara dia izao : hianareo na dia mbola mpanota aza na jentilisa aza dia miasa foana ny FANAHY ary tsy takatry ny sainareo ny fiasany. Eny aza atao ambaninjavatra fa ny Fanahy Masina no miasa teo aminareo vao toy izao hianareo. Noho izany aza mirehareha fa sombintsombiny ihany ny anareo. Raha misy olona iray tonga manompo an'i JESOSY dia ny Fanahy Masina izay no niasa teo aminy, niaro azy, namonjy azy, nanampy azy ary nampianatra azy. Eto izany raha narahinao tsara ireo dingana dia manomboka mitoetra ao aminao ny Fanahy Masina. Ny filatsahan'ny Fanahy Masina dia tsy hita maso fa ianao kosa mahatsapa fiovana, manam-pahendrena, tsy tezitezitra intsony, tsy mankahala olona, mahalefitra ny zava-drehetra, tia an'i JESOSY ary ny fiafarany dia manompo AZY. Tsy mijanona eo fotsiny fa mandroso amin'ireo dingan'ny Batisa mba ho tehirizina ianao mandra-pihaviny eny amin'ny rahon'ny Lanitra. Averiko aminao indray : **faly JESOSY rehefa mijery sy manaramaso anao, 3 andro no anaovany izany ASA izany ka rehefa hitany tokoa fa vonona ianao, te-handroso dia ataony Batisan'ny Fanahy Masina**. Asa tsy hita maso io fa ny mahagaga dia ity : " ***mivadika ny lelanao ary miteny amin'ny fiteny tsy hainao ianao, fiteny tsy nianaranao.*** " Io ilay FANOMEZANA. Rehefa manompo an'i JESOSY dia miaina amin'ny ZAVA-PANAHY. **Ahoana ary izany ilay teny tsy fantatrao? Izay miteny azy dia miteny tsara, tsy misy fihetsika na mihozongozona sy mitsambikimbikina, tsy mihinjitinjitra na miraiki-dela sy matahotra, tsy manao teny tokana toy ny hoe "ba-ba-ba-ba" na "la-la-la" na "cha-cha-cha" na mangovitra fotsiny ny molotra ka mitomany**. TSIA! TSIA! Diso daholo izany. Ny Fanahy Izay tonga eo aminao dia Fahamarinana, Fiadanana ary Famonjena sy Fanavaozana. ***I Korintiana 14: 2*** *"Fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin'olona, fa amin'Andriamanitra; fa amin'ny fanahy no itenenany zava-miafina, ka tsy misy olona mahalala"*. Raha miteny aminn'ny fiteny tsy fantatra ianao dia tsy olona toa anao no mihaino anao sy itenenanao fa IZAHO JEHOVAH mivantana noho izany dia tsy misy olona mahalala velively. **Tsy tokony hisy teny tsy fantatra any aminao ka ren'olona, izy dia ao anatin'ny vavaka mandrakariva satria isika no miresaka. Raha tahiny ka miteny tsy fantatra imason'olona ianao dia maminany ianao izay. *I Korintiana 14: 3*** *"fa izay maminany kosa miteny amin'olona ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampionona"*. Aza afangaro ny zava-miafina, ***I Korintiana 14: 4*** *"Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany; fa izay maminany kosa mampandroso ny fiangonana"* Tandremo mihitsy ary fa ny fiteny tsy fantatra eo aminao dia firaisanao manokana AMIKO, porofo fa manaiky sy tia an'i JESOSY ianao ka dia manompo AZY, mitandrina ny teniny sy mitory AZY, vavolombelony sady tsy menatra ny hampanjaka AZY amin'ny fiainana. Ny fahavitana Batisan'ny Fanahy Masina dia midika fa manana fifandraisana manokana AMIKO ianao, mandroso ara-panahy, azo antoka ara-panahy. Ny Batisan'ny Fanahy Masina natao anao dia fanokanana anao fa tafapetraka ao anatinao ilay Fanjakako JEHOVAH. Midika zavatra marobe izy io :

1. Fahasoavana
2. Famonjena
3. Fanavaozana
4. Fahamarinana
5. Fahamasinana
6. Fiadanana
7. Fifaliana

} FANJAKAN'NY LANITRA

Raha tena Batisan'ny Fanahy Masina no ao aminao tsy miova io, tsy miala mandra-pahatongan'i JESOSY mitsena anao eny amin'ny rahon'ny lanitra. Raha latsaka amin'ny fahotana ianao vao miala IZY.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY I (CUA)

# Nanatanteraka sakafom-piraisana niarahan' ireo mpiara-miasa rehetra

« Izay iray asa iray aina ary, izay iray aina iray vatsy», izay no ambetitenin'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany Bernard Joseph, nandritra ny sakafom-piraisana izay niarahany tamin'ireo mpiaramiasa rehetra, avy eo anivon'ity Boriboritany ity ny andron'ny talata faha 6 Novambra 2018 teo. Tsy nisy ny fifanavakavahana fa samy niaraka nikorana tao amin'ny « salle de mariage »ny Boriboritany avokoa ireo mpiara-miasa rehetra, ary tamin'io fotoana io indrindra no nanararaotan'ny Delege Bernard Joseph, nisaotra sy nifankahafantarany bebe kokoa tamin'ireo mpiaramiasa. Araka ny nambaran'ity tompon'andraikitra avy eo anivon'ity Boriboritany ity dia ilaina ny fifanakalozana sy ny firaisankina toy izao mba ho fanatrarana miaraka ny tanjona izay napetraka sy mba hahazoana vokatra tsara eo amin'ny lafiny asa. Hiezaka hatrany ihany koa izy mba hanatona akaiky ireo mpiara-miasa mba tsy hisian'ny elanelany be loatra eo amin'izy ireo. Mbola hisy hatrany ny fiarahana matetika toy izao hoy izy fa santatra ambava rano ihany ny tamin'io fotoana io fa ny manetsabe mbola ho avy.

*Aly*



*Ny lanonana niarahan'ny mpiasa tao amin'ny Boriboritany I.*

## Antohomadinika atsimo

# Nanome tolo-tanana ho an'ireo may trano traboina ny Boriboritany I (CUA)

Taorian'ny haintrano izay nitranga teny Antohomadinika Atsimo ny alakamisy 01 Novambra 2018 lasa teo dia tonga nitondra fanomezana ho an' ireo traboina, izay nahitana fianakaviana 62, ny solontenan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana tamin'ity herinandro ity. Tamin'izany indrindra no nanoloran' izy ireo vary, fitaovana an-dakozia, savony ho an'ireo traboina, teo ihany koa no nanararaotan'ireto farany nijerena ifotony ny zava-misy teny an-toerana ary ny nanaovana fanentanana ho an'ireo mponina mba tsy hiverimberenan'ny loza tahak'izao intsony. Anisan'ny vaindohandraharahan-dRamatoa Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra ny fampivoarana sy ny fijerena hatrany ny sosialin'ny mponina.

*Aly*



*Ny sasany amin'ireo traboina may trano teny Antohomadinika atsimo.*

## Haintrano tao Anosibe Andrefana voalohany

# 4 no maty, olona iray may, nitondra ny voatsirambin' ny tanana ny CUA

Nitrangana haintrano goavana tao amin'ny Fokontany Anosibe andrefana voalohany Boriboritany faha-4 ny alarobia teo, tokony ho teo amin' ny 11 alina teo. Raha ny tatitra azo dia afo avy ao amin'ireo trano hazo manodidina no niantombahan'ny loza ka olona 4 no maty ary 1 kosa no may. Raha ny antontan'isa dia trano biriky miisa 8 sy trano hazo miisa 60 mihoatra no kila forehitra tamin'izany, ka anisan'ireo ny fotodrafitr'asa fatsakana na "Borne Fontaine" izay eo an-toerana ihany. Manoloana izany dia nandray andraikitra ny teo anivon'ny Boriboritany faha efatra Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), notarihan'ny lefitra vohalohany sy faharoa ary niaraka tamin'ny ekipa amin'ny Sampandrahara misahana ny fiahiana ara-tsosialy ny Kaominina Antananarivo renivohitra (Direction des Actions Sociales), izay nitsapa alahelo ireo niaraham- boina izay tratra teny an-toerana, ary nitondra izay voatsirambin'ny tanana ho azy ireo. Isaorana manokana ny teo anivon'ny Mpamonjy voina izay niezaka mafy mba tsy hiparitahan'ny afo teo amin'ny manodidina .



*Ireo traboina may trano tetsy Anosibe Andrefana voalohany.*

*Isambilo*

BORIBORITANY FAHA-6 (CUA)

## Nanatanteraka fanadiovana faobe isaky ny talata

Nanatanteraka fanadiovana faobe ny ekipa teknikan' ny boriboritany faha enina kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny talata maraina teo. Araka izany, nanala ireo bozaka mitsiry manodidina ny arabe izy ireo, nanala ny fotaka sy ny fako tao anaty tatatra ary ihany koa namafa sy nitaona ireo fako niparitaka, ho eny amin'ny dabam-pako. Marihina fa isaky ny talata sy zoma no andro natokan'ny boriboritany anaovana fanadiovana faobe ankoatry ny asa fanadiovana andavanandro efa mahazatra, ka ny maraina izy ireo no manadio, ary ny tolakandro kosa mamerina manadio na manao « retouche ». Izao no natao dia mba hitazomana hatrany ny fahadiovana eto amin'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, ary hitsinjovana hatrany ny fahasalaman'ny daholobe.

***Aly***




Ny fanadiovana faobe teny amin'ny Boriboritany faha-6.

Toetrandro

## Mihena ny tanjak'ilay rivodoza Alcide

Mihena ny tanjak'ilay rivodoza Alcide, ato anatin'ny ora maromaro dia mety ho levona an-dranomasina izy. Araka ny fanambarana momba ny toetrandro nataon'ny avy ao amin'ny sampana mpamantatra ny toetrandro, filazana manokana momba ny toetrandro navoakan'izy ireo omaly: tany amin'ny 340 Km Avaratra somary Avaratra Atsinanan'ny Vohemar no misy ny foiben'i cyclone Tropical Alcide omaly. Mihena hatrany ny tanjany. Mitondra rivotra mahatratra 120 Km/ora sy tafiotra 170 Km/ora izy manodidina ny foibeny. Mikisaka mianatsimo somary atsimo atsinanana miadana izy ka mahafaka 04 Km/ora. Tombanana hihena hatrany ny heriny ao anatin'ny 03 andro ho avy ka vinavinaina ho levona izy amin'ny faran'ny herinandro. Tsy hakasika an'i Madagasikara izy raha ny vinavina. Noho izany dia tsy misy ny filazana loza mikasika ity rivodoza ity. Mila mitandrina ihany kosa anefa ny mpampiasa ranomasina amin'ny tapany Avaratra Atsinanana nohon' ny alondrano mety hiakatra ny 2,5 metatra indraindray.



***Aly***

Fiaraha-miasa amin'ny japone

## Mpilatsaka an-tsitrapo 4 indray no hanatevina ireo namany any Vakinankaratra

Mitohy ny fiaraha-miasa eo amin'ny faritra Vakinankaratra sy ny Jica Japone, amin'ny alalan'ny fandraisana mpilatsaka an-tsitra-po avy any Japon. Tonga nitsidika arapomba fifanajana ny mpitantana teto anivon' ny Faritra Vakinankaratra ny delegasiona ny JICA izay notarihin'ny Coordinatrice de Programme JOCV, Suzuki Aya. Nandray azy ny Sekretera jeneraly ny Faritra Andriamatoa Rakotomahandry Thimoté. Mpilatsaka an-tsitrapo Japoney miisa 4 indray no hiasa aty amin' ny Faritra Vakinankaratra ary hiasa amin'ny sehatra maro. Isan'izany Tomioka Keiichi hiasa eny amin'ny CFFAMMA amin'ny sehatry ny "machinisme agricole", Makita Ami izay manan-traikefa manokana momba ny fahasalamana, ka hiasa eny amin'ny CSB II Ambalavato, Mtakenaga Misaki ho an'ny SDSP Antsirabe II any amin'ny CSB II Andranomanelatra, Aoyama Nozomi SDSP Ambatolampy, CSB Ambatolampy no hiasa. Firariantsoa araka izany no natolotra azy efatra mianadahy ireto mba hahavita soa amin' ny asa izay hatao mandritra ny fotoana hijanonany eto amin'ny Faritra Vakinankaratra. Ny fiaraha-miasa amin'ny Firenena avy any ivelany toy izao dia afaka mifampizara ny traikefa sy fahaiza-manao ary tosika lehibe eo amin'ny fampandrosoana ny Faritra Vakinankaratra iray manontolo. Toy ny mahazatra dia mandray an-tanana amin'ny fiantohana ara-pandriampahalemana ireto mpilatsaka an-tsitrapo ireto ny faritra mandray azy ireo.

***Solohery***




SARIITATRA: Tsy paiso izy na orange




Boriboritany faha-V (CUA)

## Nanadio tatatra sy lakan-drano ho fiatrehana ny fahavaratra

Notohizana teny amin'ny lalana Hagamainty Anjanahary ny ezaka fanadiovana ireo tatatra rehetra ataon'ny Boriboritany faha-V, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ireo ekipa teknika no niantoka ny fahatanterahan'izany ny 06 Novambra 2018 teo. Tanjona ny tsy hisian'ny fahatsentsenan'ireo tatatra intsony, izay mety hahatonga ny fiakaran'ny rano sy ny fiparitahan'ireo otrik'aretina maro, indrindra amin'izao fotoam-pahavaratra izao.

***Aly***



Ny fanadiovana tatatra sy lakan-drano tao amin'ny Boriboritany faha-5.

FJKM Ambodifiakarana Famonjena

## Hankalaza ny ivony sy ny famaranana ny faha-25 taona ny Asa Sosialy Kristiana

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM), synodamparitany Antananarivo Atsimo Ambodifiakarana Famonjena, asa sosialy kristiana "Aschre" dia manomana hetsika ho fanohanana ny asa sosilay ataony. "Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika" : Gal 6 : 9a no loha-hevitr'izany hetsika izany. Ny Mpitandrina sy ny Komitin'ny Jobily faha 25 taonan'ny Asa Sosialy Kristiana dia manambara amin'ny rehetra hiarahiombom-bavaka amin'ny Fanompoam-pivavahana Ivony sady Famaranana ny fankalazana an'Andriamanitra noho ny faha- 25 taonan'ny Asa Sosialy Kristiana, izay hatao ao amin'ny FJKM Ambodifiakarana Famonjena ny alahady 18 Novambra 2018 manomboka amin'ny 9ora sy fahefany. Ho tanterahina amin'io fotoana io ihany koa ny fanokanana ny tsangam-bato sy ny fizarana maripankasitrahana ho an'ireo nandray anjara tamin'ny hira faneva sy ny sary famantarana. Ny mpikarakara dia mankasitraka indrindra tamin'ny fandraisana anjara biriky tamin'ny tsangam-bato, mbola manantena izy ireo ny fahatongavan'ny rehetra ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany.

***Aly***

### Taratasin'ny mpamaky

Taratasy nalefan'olona tamiko omaly hariva ity resaka ity dia ampitaiko momba an'i Andry Rajoelina : 1-Vola be no lany nanaovana précampagne, campagne 2-Karana sy mpandraharaha mpanambola maro no ao an-damosiny 3-Antoko maro no nanao fanambarana fa manohana sy manao izay hampandany azy 4-nampiasa logistique ngezabe 5-tohanan'ny mpandraharaha frantsay. Ankehitriny marary an-doha amin'ny vokatra azony Rajoelina, dia miketrika mafy sy hanao ny fomba rehetra hampandaniana azy 1er tour." Tsy ho tanteraka anefa izany satria ny marina tsy mba maty, tsy azo sarontsaronana toy ny hatramin'ny taona 2009 izay efa nataon'izy ireo intsony ny marina. Handresy Dada Marc Ravalomanana, andro sisa isaina dia ho filoha vaovao eto amintsika indray ny Filoha Marc Ravalomanana.

***Rivonala Razafison***
***Mpanao gazety***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**03/11/18 hatramin'ny 10/11/18**

- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/ 032 12 670 70
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/ 034 07 545 58

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 836-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TETIKASA SUPER CODEUR

# Fanovozam-pahalalana nomerika ho an'ny ankizy 9- 14 taona

Taorian'i Fianarantsoa sy Antananarivo dia anjaran' Antsirabe indray no nahazo ny tetikasa "Super codeur" hampianarana ny ankizy 9 ka hatramin'ny 14 taona ho liana amin'ny fahaiza-manao entanin'ny nomerika. Efa miroborobo be ankehitriny ny fandrosoan'ny nomerika ary tsy diso anjara amin'izany isika eto Vakinankaratra. Mitady lalana hatrany ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina amin'ny fiaraha-miasa matotra amin' ny fampiroboroboana izany. Natao ny andron'ny 05 Novambre teo ny fampahafantarana ofisialy ny fanombohan'ny tetikasa "Super codeur" ary ny fiaraha-miasan'ny Ivo-toerana Karen Caren amin'ny Orange Madagascar. Nitarika izany teto ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra ny Jeneraly Rakotonarivo William sy ireo mpiaramiasa aminy akaiky, ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Orange Madagascar. Antom-pisian' ity tetikasa ity ny fampiofanana sy hamolavolana ny sain'ny ankizy ho tia karokaroka ary hahay hampiasa ny "internet" amin'ny fanetevenampahalalana, hisintonana ny zava-mahasoa. Iaraha-mahalala izao vanim-potoana izao fa miseho amin'ny endrika vaovao ny habadoana dia tsy inona fa ny tsy fahaizana mikirakira ny solosaina. Singanina manokana amin'ny fiandohan'ny tetikasa ny hanomezana tombon-dahiny manokana ireo ankizy sahirana eny anivon'ny ONG sy ny sehatra maro hafa , hitohy amin'ny sokajy hafa indray izany aoriana kely. Reharehan'ny Faritra Vakinankaratra ny fananana ity Ivotoerana Caren Karen ity ary manampy ny rehetra amin'ny fikirakirana ny tambazotra isan-karazany eo amin'ny "Internet", mbola mitohy hatrany ireo tolotra sahanin'ny Ivotoerana Caren Karen ho an'ireo mpisitraka izany eto Antsirabe. Raha tsiahivina dia isan'ny reharehan'ny Faritra Vakinankaratra ny fisian'ity ivotoerana Caren Karen ity noho izy manampy betsaka ny mponin'ny Vakinankaratra ary liana amin' izy ity avokoa na ny ankizy na ny mpianatra, na ny mpiasampanjakana.

***Lezama***

Fitaterana Vakinankaratra

# Hiakatra ny saran-dalana atsy ho atsy

Raikitra ny fikaonan-dohan'ny Fikambanan'ny mpitatitra matihanina zotra nasionaly eto Antsirabe omaly Zoma, tao amin'ny Centre Diantana Antsirabe. Fikaonan-doha no natao ka lohahevitra roa no nodinihina dia ny lafiny tsy fandriampahalemana eny amin'ny lalam-pirenena sy ny fampiakarana ny saran-dalana miainga avy eo Antsirabe mankany amin'ny faritra hafa. Raha ny fanazavana nomen'Andriamatoa Razafimisata Tanteliharivola, filohan'ny Fikambanan'ny mpitatitra dia efa misy ny fiaraha-miasa amin'izy ireo sy ny mpitandro filaminana saingy ny fanatsarana izany no tadiavina. Ankoatra izay dia mikasa hampiakatra ny sarandalana ihany koa izy ireo, satria efa 12 taona lasa no nametrahana io saran-dalana miainga eto Antsirabe mankany amin'ny faritra io, ka efa nilaozan'ny vanim-potoana. Heverin'izy ireo araka izany fa hasondrotra ho 10 Ar isaky ny kilometatra izany anekehitriny, izay hihàtra afaka 15 andro eo ho eo. Tsy voakasik'ity fampiakarana saran-dalana ity ny zotra rezionaly raha ny fanazavana ihany.

***Lezama***

Harena anaty rano

# Miaro ny trondron'Itasy ny mpianatry ny INSCAE

Anisan'ireo miezaka miaro ny harena anaty rano, toy ny trondro ao amin'ny farihin'Itasy amin'izao fotoana, ny mpianatry ny INSCAE (Institut National des Sciences Comptables et Administration d'Entreprise) eto Antananarivo. Nanaovan'ireo mpianatry ny INSCAE toerana



*Ny farihin'Itasy.*


telo fihereny ny trondro hahafahany manatody ao amin'ny farihiben'ny Itasy. Ny herinandro teo no nanaovan'izy ireo izany. Fiaraha-miasany tamin'ireo fikambanan'ny mpanjono any amin'iny distrikan'i Soavinandriana sy Miarinarivo iny. Tanjona ny tsy halany tamingana ny trondro mampalaza an'i Itasy, izay loharanom-bola maharitra ho azy ireo.

***Aly***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 258**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0257)

***Mitsivalana***
- Katolika
- An
- Randrana
- Anarana
- Neny – Aty
- Asa – Tafa (Miv)
- OM – OI

***Mitsangana***
- Korana
- Tsena (Miv)
- Tanàna
- Ondry
- Rà – Ma (Miv)
- Fanahy (Miv)
- Natao
- Ala – Ity

**TENY MIFANARAKA N° 258**




**Mitsivalana**

**1.** Varatra – Menaka (BR) **2.** Atokisana **3.** Kere – Litera efatra mifanarakaraka **4.** Fihaonana an-databatra boribory **5.** Tononandro **6.** Eka – Ao avaratra andrefana ao **7.** Fitaovana fanjairana (Miv) – Enti-milaza **8.** Taperiko (Miv) – Mari-pahaizana **9.** Mampisafidy – Sotrako (Miv) **10.** Tao – Eo amin'ny vatana

**Mitsangana**

**A.** Fitaovam-pifandraisana – Reraka **B.** Mikoriana ao anaty (Miv) – Piso **D.** Efa antitra **E.** Nanaraka ako sy feo **F.** Antsoantso – Ranobe midadasika **G.** Ao anaty rano – Tanàna iray any Antsinanana **H.** Tsofoka – Teny miangavy (Miv) – Lalam-pirenena **I.** Tanàna masina (Miv) – Tovovavy tena Malagasy **J.** Inona – Nivolana (Miv) **K.** Rova – Tovona (Miv) – Mitempo

## Valiny Teny mifanaraka 0257

***Mitsivalana***

1 Diavolana 2. Toa - IV 3. Varavarana 4. Potika (Miv) - Lav(a) 5. (L)ioka - Ota 6. Ravinala 7. AA - Goavy 8. Ia - Hoy 9. Saina (Miv) - Tany 10. Toamasina

***Mitsangana***

A. Divay - Tara (Miv) B. Akora - No D. Atrika - Gia E. Voatavo - Ma (Miv) F. Ovao (Miv) - Isa G. Aponga H. Roa (Miv) - Too - Ti I. Nahalala (Miv) J. Aina - Avona K. Vavy - YYY

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana, nanatrika ny fanaovam-beloma farany ny Evekan'i Mahajanga.









Fiaraha-misakafo ny mpiara-miasa tao amin'ny Boriborintany I.





Ny fanadiovana faobe nataon'ny Boriborintany faha-6



